# DONY NY VARAVARAKO ...
# TONGA IANAO HANANGANA AHY HO VELONA ...



Mpikambana amin'ny mpilatsaka an-tsitra-po « Fanantenana » izay mandray ireo mahantra avy amin'ny firenen-tsamihafa aho. Noho izany no nampifandray amin'ny olona voatery nandao ny fireneny noho ny ady. Ny iray amin'izy ireo dia nanatrimaso ny rainy notapahan-doha

Fianakaviana voalohany noraisiana avy any soudan: ny ray aman-dreny,ankizy 6 eo amin'ny 2 ka hatramin'ny 18 taona. Nomen'ny boriborin-tany trano izy ireo fa tsy misy na inona na inona. Dia ahoana ny hampitaovana azy ? Mora rehefa mivondrona ! vondrona « Fanantenana »ny «Resto du cœur» ary ny tranontsika tranainy samy nanome fanaka... ary nila mpitatitra ka nahita ! izay no nisian'ny firaisan-kina nahomby, antony mampisaotra an'Andriamanitra !...

Nahita asa amina fiotazana paoma ilay raim-pianakaviana ary miara-mandeha amin'ny fiara amin'ny hafa. Ireo ankizy roalahy zokiny nahita fiofanana amin'ny toeram-piasana fanamboarana fiara sy kojakoja ao an-tokantrano amina kolejy teknika.

Ankehitriny dia misokatra ho ana fianakaviana telo avy any Soudan ny làlana :

- ramatoa iray manano-tena 59 taona, manan-janaka 11 ny vavy iray maty ; 4 mijanona any Tchad miandry ny hahatongavany aty Frantsa 4 sisa 17 hatrami'ny 29 taona miara-mipetraka aminy.



- Ny zanany lahy roa manam-bady sy manan-janaka 6 mipetraka amin'ny trano hafa.

Mba hanampiana azy ireo hiditra amin'ny fiaraha-monina, nila fandaminana. Ny vaholana dia ny nanatona azy ireo any amin'ny fianakaviany : nivoha nidanadana ho anay ny varavarana miaraka amin'ny tsiky sy ny dite.

Olona mpirotsaka maimaim-poana 2 ho an'ny fianakaviana iray, manaiky ny hamangy azy ireo indray mandeha isan-kerinandro manampy izany koa ny filàna vonjy maika, indrindra raha vao misy zaza vao teraka !

Ankoatra izany « Tanin'ny mpitsoam-ponenana » n'i Périgueux nikarakara fianarana frantsay : 16 ora san-kerinadro, fanampiny ankoatra izay entinay.





Fa ahoana no hahafahan'ny reny mana-janaka 8 latsaky ny 2 taona hanaraka izany ? Nikaroka fomba izahay ary nahita olona 8 hafa mba hisahana ny fiandrasana ireo zaza ao amina efitra iray ao amin'ny Boriborin-tany !

Tena fanomezana tsara ireo fihaonana ireo: manolotra anay , halemem-panahy, ny dikan'ny fiaraha-misakafo (sakafo iraisana, miaraka amin'ny fomba fitafin-dry zareo) ary izahay manome hafaliana kely azy ireo mba hahafahany miatrika ny fahasahiranana niainanay ary mizaka izay mbola hiseho koa.

Misaotra ny Tompo aho nanome azy ireo eo amin'ny làlanay. Nanainga ihany koa Izy ny fahalalahan-tànana, fizarana, harena ho an'ny mpiara-belona !

Masera Monique (THIVIERS-Frantsa)



*« …. ny andro iray ihaonana toy niy andro zato ! »*

*Haobolana*